Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Mitsapa ny fitiavan'i Abrahama Azy Andriamanitra



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Tammy S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Nanome baiko hafa
kely an'i Abrahama
Andriamanitra indray
alina. Fitsapana
ahitana hoe iza no tian'i
Abrahama kokoa: Isahaka
sa Andriamanitra, ilay izy.


Nibaiko an'i Abrahama Andriamanitra nanao hoe: "Ento i Isahaka, ary atolory ho sorona dorana ho Ahy".
Hanolotra an'i Isahaka?
Hanao sorona ny zanany? Mafy ho an'i Abrahama izany satria tiany dia tiany tokoa ny zanany.

Nefa i Abrahama efa nianatra ny nahatoky an'Andriamanitra na dia tsy azony ary ny zavatra angatahiny. Nony maraina ny andro, nanainga ho any an-tendrombohitra hanaovana sorona i Abrahama, niaraka tamin'i Isahaka sy mpanompony roa.

Namaky kitay anaovana ny afo ho an'ny sorona dorana izy talohan'ny niaingany. Vonona ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra i Abrahama.



Afaka telo andro
taorian'izay, tonga teny
akaikin'ilay tendrombohitra izy ireo.
Hoy i Abrahama mantsy ireo
mpanompony: "Mijanona eto,
handeha hivavaka izahay ary
avy eo miverina eto
indray." Isahaka no
nitondra ny kitay ary
i Abrahama nitondra
ny handrehetana ny
afo sy ny antsy.


Nanontany an-drainy i Isahaka nanao hoe: "Aiza ny zanak'ondry ho atao sorona dorana"? Ary namaly i Abrahama hoe: "Andriamanitra no hanome ny zanak'ondry ho Azy".

Tonga teo amin'ilay toerana nosafidian'Andriamanitra izy mianaka. Nanangana alitara i Abrahama ary nikarakara ny kitay handorana ny sorona teo anatrehan'Andriamanitra.
Efa nanangana alitara betsaka Abrahama teo aloha, nefa tena sarotra ho azy tokoa ity indray mitoraka ity.

Nofatoran'i Abrahama Isahaka, zanany malalany. Ary napetrany teo ambony alitara. Tena hanao ny fangatahan'Andriamanitra tokoa ve i Abrahama ka hanao sorona an'i Isahaka, zanany lahy tokana?





Naninjitra
ny tanany
miaraka
amin'ny antsy
tokoa Abrahama
ka namirapiratra ny
lelan'ilay antsy teny
an-tanany! Tena torotoro
ny fony, fa fantatr'i
Abrahama fa hihaino
an'Andriamanitra izy.


Niantso mafy azy ny Anjelin'Ny Tompo hoe: "Aoka izay! Fantatro fa matahotra an'Andriamanitra ianao. Nafoinao ho Ahy hatramin'ny zanakao lahy tokana."


Nahita osy dia tanaty kirihitr'ala i Abrahama. Novahany i Isahaka ary ilay osy dia indray no nataony sorona.

Hoy angamba i Isahaka tany an-tsainy tamin'izay hoe: "Tena nanome izay ho hatao sorona araky ny voalazan'i Dadako tokoa Andriamanitra."

Niteny tamin'i Abrahama ny Anjelin'Ny Tompo, nandritra azy mianaka nivavaka: "Amin'ny taranakao no hanasoavako ny firenena rehetra satria ianao nihaino sy nakatoa ny Teniko".



Nandeha nody Abrahama sy Isahaka. Afaka fotoana vitsy taorian'izay, nisy fahoriana nitranga. Maty i Saraha. Namoy ny vadiny i Abrahama ary i Isahaka, ny reniny.



Nandefa ny mpanompony itokisany indrindra Abrahama mba hitady vady ho an'i Isahaka, nony vita ny fandevenana.

Nankany amin'ny
tanindrazan'i Abrahama
ilay mpanompo mba hitady
vady ho an'i Isahaka avy amin'ny
fianakavian'i Abrahama.



Nangataka famantarana tamin'Andriamanitra ilay mpanompo. "Enga anie mba izay tovovavy hampisotro rano ny ramevako no ho vady mendrika ho an'i Isahaka."

Tonga dia nanome rano azy sy ny ramevany avy hatrany i Rebekah. Havan'i Abrahama izy. Fantatr'ilay mpanompo fa namaly ny vavaka nataony Andriamanitra.

Nandao ny fianakaviany i Rebekah ary nanambady an'i Isahaka. Nampionona an'i Isahaka taorian'ny nahafatesan'ny mamany izy. Tena tia azy be mihitsy Isahaka!

Mitsapa ny fitiavan'i
Abrahama Azy Andriamanitra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 22-24

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16